TOROLALANA MAHOMBY,
HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

# FOMBA FAMBOLENA VARY AMPIASANA RAKOTRA STYLOZANTESY

GSDM
*Professionnels de l'Agroécologie*

COMESA

## TOMBOTSOA:


- Manatsara ny tany izay reraka na misy arema →
- Miaro sy manatsara ny tsiron'ny tany
- Mampitombo ny vokatra
- Mampihena ny aretina mpahazo ny vary (pyriculariose)
- Mampihena ny fotoana lany (fiasana ny tany sy fiavana ny voly)



## TANY VAO FA AZO AMBOLENA VARY (MASAKA):




- Asaina sy asiana zezika ny tany
- Atao manaraka ligne ary asiana elanelana 20 cm ny famafazana ny vary (nov-des)




- Havaina voalohany ny vary alefa ny urée15 andro aorian'ny famafazana ny vary
- Afafy eny alenanelan'ny ligne-n'ny vary ny stylozantesy




- Havaina fanindroany ny vary afaka 40 andro eo ho eo aorian'ny famafazana
- Miandry ny fiakaram-bokatra



- Jinjaina ny vary ary tsara raha avela eny an-tanimbary ny mololo
- Avela handrakotra ny stylozantesy aorian'ny fiakaran'ny vokatra

## TANY EFA MISY RAKOTRA



Adaboka ny stylozantesy ary avela maina sy mifitsaka tsara



Volena anaty rakotra amin'ny fotoana mahazatra ny vary
Arahina tsara ireo dingana rehetra amin'ny fambolena



- Jinjaina ny vary
- Miverina mitsiry indray ny stylozantesy ary avela handrakotra